TRANSPARENCY INTERNATIONAL INITIATIVE MADAGASCAR

PEJY NATOKANA HO AN'NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY

FONGOTRA
Malagasy Miady @ Kolikoly

Feno Haingotiana Andriamanga André Danielline

Tsy mora ny miady amin'ny kolikoly, nefa tsy midika izany hoe tsy azo resena izy.

© Photo : TI-MG

Feno Haingotiana Andriamanga André Danielline, Talen'ny Lisea Tafitasoa Anosibe

Transparency International - initiative Madagascar (TI-MG) : Afaka milazalaza ny momba anao ve ianao? ny fianarana nataonao? Ny lalana nodiavinao? Ny asa?

Feno Haingotiana Andriamanga André Danielline (FHAAD): Ny anarako dia Feno Haingotiana Andriamanga André Danielline, nianatra tao amin'ny sekolim-panjakana foana satria izahay marobe no mpiray tampo, 12 mianadahy, dia tsy nanana fahafahana hampianatra anay tany amin'ny sekoly tsy miankina ny ray aman-dreninay ka tsy maintsy nianatra tamin'ny sekolim-panjakana izahay. Ao anatin'ny fianakaviana, izaho no fara-vavy ary efa manambady sy manan-janaka mirahalahy. Nianatra teny Ankatso aho, nanaraka ny lalam-piofanana Malagasy ka nisafidy ny sampana manokana "protection et valorisation du patrimoine» nanomboka ny taona voalohany nianarako teny. Nahazahoako marimpahaizana "Licence" ary nifindra nanao "Anthropologie" indray aho av yeo ary io lalam-piofanana io no nahazahoako ny marimpahaizana "Maîtrise".

TI-MG : Aminao, inona ny atao hoe kolikoly?

FHAAD : Ny kolikoly dia fanararaotana ny fahefana nomena anao hanomezanao tombontsoa manokana ho an'ny tenanao, anisan'ny zavatra iray tsy vita ihany koa izy io raha tsy misy olona roa, izany hoe misy mpanome dia misy mandray. Marobe ny antony mahatonga an'ilay kolikoly fa ny zavatra tena fantatro dia hoe anisan'ny fototra iray lehibe mahatonga ny firenena tsy handroso ny kolikoly satria ny firenena ahitana tahany ambany amin'ny resaka kolikoly dia hita hoe firenena tena mandroso, ohatra hoe ny firenena norvezianina. Isika izao tena be loatra ny kolikoly manjaka eto amintsika dia izay no mahatonga antsika ohatran'izao ny firenentsika, izany hoe sady manakana ny fandrosoana izy no miteraka tsy fitovian-jo eo amin'ny olona tsirairay indrindra manoloana ny lalàna.

TI-MG: Inona ny hetsika efa nataonao hiadiana amin'izay kolikoly izay ka azo alain-tahaka?

FHAAD : Ny nahatonga ahy ho tafiditra ao anatin'ny ady amin'ny kolikoly dia satria ny raiko efa nitondra teto amin'ity fokontany misy anay ity, efa Filoham-pokontany teto. Tamin'izany fotoana izany dia efa nanomboka hita taratra io kolikoly io, dia tamin'izany izy dia efa nampahafantatra anay ny faharatsian'izay satria be dia be izany ny olona nanome vola azy hanaovana kolikoly nefa hatramin'ny farany izy tena tsy nanaiky an'izay mihitsy. Tamin'izany dia nisy vavolombelona anankiray nilaza hoe nisy tanim-panjakana teto nangatahana hanaovana biraom-pokotaninay dia nisy komity tao amin'ilay fokontany mihitsy niteny hoe ianao olona tsy manana tany eto, ianao maro anaka maninona raha hosoratantsika amin'ny anaranao io dia ho antsika, nefa izy tsy nanaiky an'izay satria fantany hoe tombotsoa ho an'ny vahoaka ilay izy dia tsy niaro an'izay izy na tsy nanana àry izahay. Tsy nanana na ampahan-tany teto Antananarivo izahay fa tsy nanaiky mihitsy izy hatramin'ny farany. Tamin'izany izany ny dadanay dia efa nitaiza anay ny maha ratsy an'ilay kolikoly satria ankoatran'ny maha Filoham-pokontany azy teto dia sady Filoha no mpampianatry ny sekoly alahady izy, ary tao no nitaizany sy nampahafantarany ny maha ratsy an'izany fitiavan-tena sy ny karazany izany. Anisan'ny anankiray nahafinaritra ahy izao, ohatra ny nijoroako vavolombelona koa, ny nahatongavanareo taty sy nangatahanareo ny hananganana vondrona Fongotra eto amin'ny sekoly. Izahoa tsy nisalasala mihitsy ary manentana an'ireo mpianatra ireo foana aho, mandresy lahatra an'izy ireo satria fantatro hoe aty amin'ny sehatry ny fanabeazana aty no tena fototra ihany koa, fa raha aty no tsara fototra ilay ankizy dia mahalala ny faharatsian'izany kolikoly izany. Ireo ankizy ireo tsinona miparitaka any amin'ny fiarahamonina any dia mino aho hoe na mety mbola ho lavitr'ezaka aza ilay izy, rehefa samy miezaka ny tsirairay mandray andraikitra dia hihena io taha-na kolikoly io na dia tsy ho foana tanteraka aza. Ny tato aminay izao dia efa niresaka an'io ady amin'ny kolikoly io na mbola tsy nanomboka aza ny "éducation civique". Ny lakilasy "1ère" ato aminay izao mahafantatra tsara an'io resaka ady amin'ny kolikoly io satria. Dia aty an-tsekoly izany ny anay dia ataonay fandaharam-pianarana mihitsy ny resaka momba ny ady amin'ny kolikoly, na mbola tsy nitarika an'io àry ny TI-MG dia efa nanomboka izany izahay

TI-MG : Araka ny hevitrao, inona no antony tena mampisy ny kolikoly eto Madagasikara?

FHAAD : Ny antony voalohany dia ny fahantrana: mahantra isika dia ny olona rehefa misy manampy vola azy dia manao an'izay, ekena ilay izy. Faharoa, ilay olona koa tsy maharitra amin'ny zavatra anankiray, te-hiavaka na tsy mahari-pery rehefa misy zavatra karakaraina sy atao dia te-hahavita zavatra haingana dia izay no mahatonga an'ilay izy. Ny sasany izany tsy te-hitovy amin'ny olona mihitsy dia manararaotra ny fahefana hananany ka manapatra ny fahefany amin'ny olona, dia izay koa izany no hitako hoe mahahatonga an'ilay kolikoly.

TI-MG : Inona ny soso-kevitra atolotrao entina hiadina amin'izany?

FHAAD : Ny soso-kevitra hitako dia hoe mila ampianarina ny ankizy aty amin'ny sekoly satria ny toe-tsaina mihitsy no mila miova. Afaka hanao inona eo àry ny mpitondra raha tsy ny toe-tsaina no miova, izany hoe ny fampahafantarana ny faharatsian'ilay kolikoly izany, Manomboka hatrany amin'ny zazakely fa tsy voatery hoe aty amin'ny lisea, fa any amin'ny zazakely any dia efa tezaina tsikelikely satria ireo no ho avin'ny firenena. Raha any ny ankizy dia efa voavolavola, moramora kokoa ny mampianatra azy kely noho ny olon-dehibe. Tsy adino ihany koa ny eo amin'ny fiarahamonina ohatran'ny hetsika ataon'ny TI-MG ireny zao, anisan'izany ny fanentanana ny olona hiady amin'ny kolikoly. Zavatra iray tena hitako hoe mbola sarotsarotra nefa azo tanterahiana ihany koa ny fampiakarana ny karaman'ny olona, angamba izay satria ny karamantsika tena mbola hita hoe tsy mifanaraka amin'ny fahefa-mividin'ny olona, dia mino aho fa rehefa mipetraka izay indrindra ho an'ny mpiasam-panjakana dia mety tsy ho voasarika hanao kolikoly loatra izy.

TI-MG : Inona ny hafatra omenao ny tanora, indrindra fa ny ankizy ao anatin'ny Club Fongotra, mba hanentanana sy handrisihana azy ireo sahady hiady amin'ny kolikoly?

FHAAD : Ny hafatra tiako ho apetraka amin'izy ireo dia ny hoe tsy mora ny miady amin'ny kolikoly fa na ny firenena matanjaka àry sahirana miady aminy, nefa izany tsy midika hoe tsy azo resena izy. Ny dikan'izany dia isika mihitsy no mila miezaka sy sahy mijoro indrindra ho an'ny ankizy ao amin'ny Club Fongotra: sahia mijoro hatramin'ny zavatra madinika indrindra fa tsy mieritreritra hoe zavatra lehibe hoe kolikoly avo lenta be vao tokony hoe hiseho ianao fa rehefa hitanao izay endrika kolikoly izay dia tokony sahy hijoro, sahy hitoroka an'izay ianao. Entano koa ny hafa fa tsy mijanona ho an'ny tena irery, ny fiarahamonina, ny ankohonana, ny fianakaviana. Ianao mpikambana ao amin'ny Club Fongotra izany dia tokony ho hita taratra foana amin'ny fiainanao hoe tsy miombon-kevitra amin'izany kolikoly izany fa vonona ny hiady hatramin'ny farany.

> Nangonin'ny ekipan'ny Transparency International - Initiative Madagascar